## NY FITAOVANA AMPIASAINA





« Ny famatsiana avy amin'ny Vondrona Eoropeana no nahafahana namolavola ity antontan-kevitra ity,tsy azo lazaina ho maneho ny hevitra raikitry ny Vondrona Eoropeana akory izany »

## NY TANJON'NY TETIK'ASA

Ny faritra Atsimo Atsinanana dia faritra iray izay lasibatry ny voka-dratsin'ny tondra-drano. Maro ny karazana fahasimbana fa anisan'ny zany ny faharavan'ny trano fonenana.

Nanome lanja ny fanalefahana izany ny CARE International amin'ny alalan'ny tetik'asa DIPECHO izay vatsian'ny Vondrona Eropeana vola ka nanambotra « trano modely » ho fiatrehana ny tondra-drano.

Nanboarina ity takelaka ity hanamafy ny fahaiza-manaon'ny mponina mikasika ny fanamboarana izany trano izany.

## NY AKORA ILAINA

Hazo ( Ny taolan-trano )
Ravim-pontsy  sy ny fitoroka (Tafontrano)
Boboky na hazo (Rindrina)
Boboky (Hoditry ny ravinala) na hazo (gorodona)
Fantsika (Fametahana)
Hafitra na hoditra zava-maniry

### FIFANDRAISANA


**CARE MADAGASCAR—ANTANANARIVO**
Adiresy : Tanà Water Front
Ambodivona
BP 1677 - 101 Antananarivo
Mailaka: caremad@care.mg- drr@care.mg
Finday: 22 339 10

**CARE MADAGASCAR—VANGAINDRANO**
Adiresy : Ampasy-Vangaindrano
Mailaka : kinomarafa@gmail.com
Finday : 032 80 550 20


Août 2011

# DIPECHO SUD

COMMISSION EUROPÉENNE
Aide humanitaire






# TRANO MODELY HO FIATREHANA NY TONDRA-DRANO

« Ny faritra Atsimo Atsinanana miatrika ny tondra-drano…. »

## IREO DINGANA ARAHINA

- Fisafidianana toerana hanorenana trano (tsy ho amoron-tevana,na amoron-drano…)
- Fihadiana ny fototra sy fanatsatohana ireo hazo fototra
- Fananganana ny andrin'ny trano vaventy
- Fametrahana ny taolan-trano rehetra
- Fametrahana ny lohatrano
- Fanambarana ireo akora ho atao rindrina
- Fananganana ny rindrina
- Fanamafisana izany amin'ny fametahana fitoroka na golety
- Fametrahana ny hazo atao gorodona
- Fametahana ny varavarankely sy ny varavarana
- Fanaraha-maso ny fanamafisana rehetra (fantsika,fatotra…)
- Fanadiovana ny manodidina






## NY TEKNIKA FANANGANANA TRANO HIATREHANA TONDRA-DRANO


Ny teknika ampiasaina mba hanana trano afaka miatrika ny tondra-drano dia miainga amin'ny akora rehetra misy eo an-toerana. Nampiarahana tamin'izany ny teknika manara-penitra sy ny fomba fananganana trano araka ny fomba nentin-drazana.





- Ny fototra dia milevina hatrany amin'ny 0,40m ary 0,40m ety ivelan'ny tany;
- Ny tafontrano dia miendrika misokera misy fanarian-drano amin'ny andaniny sy ankilany
- Ny voditrano efatra dia tsy maintsy ametrahana tohany avy
- Ny lohatrano dia natao manaram-penitra no sady mafy;
- Mitodika miatsinana manaraka ny mari-trano malagasy ny trano;
- Natao antonona fianakaviana iray ny trano iray.






## NY FENITRA TOKONY ARAHINA

**Fototra :**

✦ bois carré mirefy 0,08X0,08X4m; milentika 0,40m any anaty tany.

✦ Gorodona na rapaka: boboky miaraka amin'ny tatao gorodona vita amin'ny hazo mirefy 0,08X0,08X4m



**Taolan-trano :**

Andri-trano sy ny lohatrano :atao ami'ny hazo 0,08 X 0,09m

**Rindrin-trano:**

Vita amin'ny boboky maromaro akambana amin'ny vahy.

**Varavarana :**

✦ Varavarankely misy bara Z 0,90x0,80m

✦ Varavarana :hazo feno misy bara Z mirefy 1,80 X 0,80m

